FILOHA RAVALOMANANA

# Namaly ny antso vonjin'Anjozorobe

Ao anatin'ny fameloma-maso ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), tao aorian'ny tany Amparafaravola sy Ambatondrazaka faritra Alaotra Mangoro; tany Soavinandriana faritra Itasy izay naningana fa nosakanan'ny fitondrana, tany Ibity faritra Vakinankaratra; tany Anjozorobe faritra Analamanga indray ny filoha nasiônalin'ity antoko ity, sady filohan'ny Rodoben'ny Mpanohitra RMDM, Marc Ravalomanana afak'omaly. Toy ireo tamin'ny faritra efa notsidihany tato ho ato izay, vory marobe hatrany ny vahoaka na tsy nisy artista, na tsy nisy fiomanana sy fampandrenesana mialoha. Nambaran'ny filoha Ravalomanana tamin'izany: "tonga namaly ny antsonareo taty Anjozorobe aho androany. Efa tena mitaraina mihitsy ny olom-pirenena fa: tsy mahita hanin-ko hanina, mitomany amin'ny tsy fandriampahalemana ny tantsaha noho ny halatra sy ny famonoan'olona ary ny kidnaping, sarotra ny fivezivezena sy ny famoahana ny vokatra, fa tsy misy ny fikojakojana ny lalana, tsy mianatra ny mpianatra… Aza kivy, ary aza matahotra fa misy fotoanany ny zava-drehetra. Manàna fanantenana hatrany. Aza adino ny mivavaka mba handresy ny Fahamarinana." Namelona fanantenana lehibe ho an'ny distrikan'Anjozorobe ny fahitany ny, Filoha Ravalomanana, Anjozorobe izay anisan'ny faritra mena midorehitra eto amin'ny Nosy noho ny tsy fandriampahalemana ankehitriny, nefa faritra anisan'ny nilamina izany, fony fitondran'ity raiamandreny ity. Saika isan'andro no ahenoana fa tsy milamina ny fandriampahalemana, mitaintaina amin'ny resaka fakana an-keriny ny vahoaka. Ny fahapotehan'ny lalana amoahana ny vokatra tena tsy misy fikarakarana intsony, nefa saika



*Ny filoha Marc Ravalomanana tany Anjozorobe ny alakamisy teo.*

miara-dia amin'ny fitondrana avokoa na ny olom-boatendry na olom-boafidy any an-toerana. Antsoantso nataon'ny vahoakan'Anjozorobe ny hoe:"raiso ny fitondrana prezidà fa maty izahay, ianao Andriamatoa filoha no manana vahaolana entina manavotra anay, vonjeo Anjozorobe prezidà Ravalomanana, vonona izahay hanohana anao." Arak'izany, mbola miantso ny filoha Marc Ravalomanana hirotsaka hofidiana ho filohampirenena ny antoko TIM sy ny ankamaroan'ny mponina any Anjozorobe. Tsy ny any no misy izay antso izay ankehitriny, fa ny faritra rehetra eto amin'ny Nosy mihitsy, satria mijaly sy sahirana ny rehetra, ny mpitondra anefa variana amin'ny zavatra tsy mahasoa ny vahoaka izay tompom-pahefana.

**Isambilo**

Seces

# Mihevitra hamono ny Oniversite miankina amin'ny fanjakana ny fitondrana

Nanamafy hatrany ny fitokonany tamin'ity herinandro ity ireo mpampianatra mpikaroka, sy mpikaroka mpampianatra mivondrona ao amin'ny Seces, namafisin'izy ireo fa ny antony anaovany ny hetsika dia tadiavin'ny fitondrana ho vonoina ny Oniversite miankina amin'ny fanjakana eto Madagasikara. Tsy Laharaham-Pahamehana ho an'ny fitondram-panjakana ny fampianarana hoy ny mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra izay mivondrona eo anivon'ny SECES. Nanomboka ny alakamisy teo, ka hatramin'ny alatsinainy no anaovan'izy ireo fitokonana fanairana farany aloha. Araka ny fanambarana:" mitsahatra manomboka hatreo ny fampianarana mandritra



*Ny Oniversiten'Antananarivo, eny Ankatso.*

ny 72 ora, mitsahatra ihany koa ny fikarohana , ny dikan'izany dia tsy misy ny fampianarana, miato ny fanadinana ary tsy tokony ho tanterahina ny fanohanana seho karoka na "soutenance de mémoires", soutenance de thèses amin'ny Oniversite an'Antananarivo. Koa ny mpampianatra raikitra rehetra, ny mpampianatra an-tselika rehetra dia samy mampitsahatra ny fampianarany avokoa.

Ny Mpianatra no mizaka ny tsy eran'ny ainy vokatry ny fiezahan'ny sasany, andrim-panjakana iray na ambonin'izay miezaka na mihevitra ny hamono ny Oniversite miankina amin'ny fanjakana, izany no antony nahatonga ilay "université et centre Nationaux de recherche mort "hanehoanay tsy fifaliana ny momban'izany, mba hisian'ilay lalàna momban'ny fizakantena, satria mety misy olona hafa any ambadimbadika any mahazo tombony ny amin'ny fanapotehana ny Oniversite miankina amin'ny fanjakana, izay iadivanay mafy, satria natao ho an' ny zana-bahoaka ny Oniversite miankina amin'ny fanjakana, hoy ihany ny Seces.

Nambaran'izy ireo kosa anefa, fa na alina na andro, na maraina na atoandro dia vonona foana ny SECES ny amin' izay fifanatonana, sy ny amin'ny fifanazavana maro samy hafa ahafahana mamoaka lalàna mifanaraka amin'ny tokony ho izy, sy ialana amin'ny mety ahiahin'ny be sy ny maro.

**Stefa**

Pr Raymond Ranjeva

# Miroso ny famokarana ny sarimihetsika "Nampoina" fa mila tolo-tanana

Mahakasika ny famokarana ilay sarimihetsika momba ny tantaran'ny Mpanjaka Andrianampoinimerina, na Nampoina, miroso amin'izao ny asa hoy ny Pr Raymond Ranjeva, izay anisan'ny mpikarakara, ny asa vadidrano anefa tsy vita raha tsy ifanakonana, koa dia miantso tolo-tanana amin' ny malala-tanana izy. Araka ny fanambarany: "efa volana maromaro izao no nandrenesanareo ny fikasanay hanao sarimihetsika "Nampoina , ny riaka no valampariako". Fikasana ihany no nandraisana izany. Tonga izao ny fotoana hanatontosana izany vina izany. Koa dia adidinay noho ny fihavanana ny manao tatitra aminareo mba tsy ho tompon-trano mihono. Efa tonga amin'ny dingana tsy azo hitodi-miverina intsony. Koa izany no mahafaly fa tsy nofinofy fotsiny izy io fa tena paika sy vina. Mba hahitanareo ny fandrosoana dia apetrako ho jerena ny asa efa vita. Izany koa no midika fa tonga koa izao ny fotoana mba hiarahantsika mihoitra fa tompon'ny tantarantsika isika, ka mba afaka hirehareha amin' izay. Tsy hindrana na haka tahaka na ny fotokevitra na ny lasitra na ny rafi-pisainanan'ny hafa. Manana ny antsika isika ka hanampy ireo mitaraina fa tsy mba mahafantatra na mba misy manazava aminy ny tantaram-pirenena Malagasy. Tsy ho gaga ary isika raha very fanahy ny maro. Tsy ho tanteraka anefa ny fanamby raha tsy misikina isika hamatsy ny fanatanterahana izany, satria fantatra ny fahasahiranana mihàtra amin'ny rehetra. Ny erikerika anefa mahatondra-drano. Koa tsy misalasala izahay mangataka am-pahatsoram-po izay mba heverinao ho anjara adidy amin'ny fananganana levenana ho an'ny taranaka mifandimby izay hahatsiaro ny anaranareo. Koa tsy diso izahay mahatoky fa tsy ho avelanareo ho ilo raraka fotsiny ity drafitra efa mandroso ity, fa mba hametrahanareo ny foy koa misaotra tompoko."

**Nangonin'i Niaina**



*Ny Valosoa sy fakafaka*

18 Mey 1972

## 50 taona no nandraisan'ny jeneraly Ramanantsoa ny fahefana feno

Efa noresahina teto amin'ny gazetintsika ny zavanitranga tamin'ny 13 Mey 1972, ny tohiny dia nihanasiaka ny vahoaka noho ny fisian'ny mpianatra maty. Ny Alatsinainy 15 Mey 1972 dia nirongatra ny fitakiana ny fialan'ny Filoha Tsiranana , ny Talata 16 Mey 1972 tafaverina teto Antananarivo ireo mpianatra nosamborina ny Zoma 12 Mey 1972, niha-henjana ny fitakiana ny fialan'ny Filoha Philibert Tsiranana ny Alarobia 17 Mey 1972, satria nirotsaka nanatevindaharana ny mpianatra ny mpiasa sy ireo ray amandreny , ny Alakamisy 18 Mey 1972 nandray fanapahankevitra ny Filoha Tsiranana nanome ny fahefana feno ho an'ny Jeneraly Gabriel Ramanantsoa, hanangana ny governemanta, mijanona ho Filohan'ny Repoblika ihany ny Filoha Tsiranana , ny Jeneraly Ramanantsoa no lehiben'ny governemanta , saingy tsy nisalotra ny fiantsoana hoe Praminisitra.

Ny Talata 23 Mey 1972 , no nijoro ny governemanta nahitana minisitra 10, manamboninahitra miaramila 4, ary teknisiana 6, nohamafisin'ny Jeneraly Ramanantsoa fa ampatoriana ny politika, fa imasoana ny fanarenampirenena, naseho ny Filoha Tsiranana ireo minisitra ary nomeny tsodrano ara-dalàna.

Nananambara ihany koa ny Jeneraly Ramanantsoa, fa ampiharina eto Madagasikara ny politikan'ny fitsitsiana na '' politique d'austerité", satria nahatsapa ny Jeneraly Ramanantsoa fa nanjaka ny fandanindaniampoana ny harempirenena tsy amin'antony tamin'ny fitondrana teo alohany.

Ankehitriny 50 taona aty aoriana , vao mainka zavadoza ny ataon'ny fitondrana Rajoelina satria ireny iaraha-mahita ireny ny firobarobana ataon'ny fitondrany amin'ny fananganana fotodrafitrasa tsy mitera-bokatsoa ho an'ny vahoaka , ny marimarina kokoa variana amin'ny resaka tsy ihinanan-kanina ny fitondrana Rajoelina.

Ny fanapahan-kevitra goavana iray ihany koa norairsin'ny governemanta Ramanantsoa dia ny famoahana ireo gadra politika, anisan'izany i Monja Jaona voasambotra noho ny raharaha tany atsimo ny volana Aprily 1971, novotsoran'ny Jeneraly Ramanantsoa koa i Andrè Resampa, izay noampangaina ho nanongana ny Filoha Tsiranana .

Fa 50 taona aty aoriana dia mbola misy ireo mpanao politika gadraina, mailaka ery ny molotr'i Mamasaosy milaza ny hoe tsy heloka politika no nampigadra ireo nofonjaina toa an'i Rolly Mercia sy Berija fa heloka tsotra na ''droit commun", kanefa dia hita mibaribary fa namoronana heloka niampangana azy izy ireo, izay sahy mijoro manohitra ny fitondrana tsy mahomby amin'izao fotoana.

50 taona ny nahazoan'ny Jeneraly Ramanantsoa fahefana nanangana ny governemanta tarihany, ireo fomba tsara izay niavahan'ny fitondrana Ramanantsoa dia toherin'ny fitondrana Rajoelina ankitsirano, kanefa vao mainka manaratsy endrika azy izay efa ratsy hatramin'izay.

**Ny Valosoa**